BILETA LAHARANA 1 (vonjy maika) Jolay 2014

MOZEA ADY LEHIBE ROA, MOZEA Johanesa RAFILIPOSAONA

Tadio, Firaisana Andrenivohitra Fandriana, Faritra Amoron'I Mania, Faritany Fianarantsoa, Madagasikara

- <u>Fitokanana ny Mozea</u> : 22 aogositra 2014

- <u>Fidirana maimaim-poana</u> : tsy andoavam-bola ho an'ny mpitsidika rehetra.

- <u>Andro fitsidihana</u>: isan'andro afa-tsy ny alahady maraina.

- <u>Ora fitsidihana</u> : amin'ny 08 ora sy sasany maraina ka hatramin'ny 12 ora sy sasany antoandro

amin'ny 01 ora sy sasany tolak'andro ka hatramin'ny 04 ora hariva.

- <u>Famoahana ny Bileta</u> : isan-taona. Laharana voalohany : Jolay 2014 (hisy bileta manokana an-koatr'io daty io ho an'ny fanambarana na lohateny miavaka).

-<u>Ireo hetsika ao amin'ny Mozea</u> (in-droa isan-taona) : fampirantiana, fivoriana, fetin'ny boky, andro voatokana hamoronan-javatra, andro voatokana ho an'ny fankalazana ny fampiasana teny Frantsay, fitsidihana ara-pedagojika, fifaninanana : herinandro faha-2 sy faha-3 ny volana Aogositra, herinandro voalohan'ny volana aprily na ny volana desambra.

- <u>Ireo hetsika ao amin'ny Tranon'ny vehivavy Betsileo mpanao asa tanana</u> (fotoana mitovy) **:** fiofanana ampanaovin'ireo vehivavy manana ny traikefa tsara indrindra (fivarotana ireo asa tanana mahasarika ao amin'ny Tranon'ny vehivavy Betsileo mpanao asa Tanana sy ao amin'ny Trano fivarotana fahatsiarovana, tranon'ny Mozea)

Isan-taona, ny volana Aogositra, dia hisy fanolorana loka ho an'ireo vehivavy.

- <u>Fanambarana samy hafa</u> :

- Ny faha-14 ka hatramin'ny faha-18 Aogositra 2014: " Fifaninanana Talentan'ny Tanora sy Atrik'asa ho an'ny Rehetra ao amin'ny Mozea". Ny fanolorana ny loka dia hatao ny andron'ny fitokanana ny Mozea.

- Famoahana ny boky voalohany mikasika ny Mozea: ny volana Aogositra 2014.

Tananan'I Tadio, Firaisan'I Fandriana, Faritra Amoron'I Mania, Isalo Rock Lodge

- Ny 2014 ka hatramin'ny 2018, aza hadino ny fanamiana Fankalazana ny faha-100 taona amin'ny endrika Betsileo.

- Ny Mozea dia 3,5 km miala ny tananan'i Fandriana (10 mn raha mandeha fiara, 60 mn raha mandeha an-tongotra)

Fampirantiana:

- Fampirantiana maharitra: fampirantiana sary mikasika ny Ady Lehibe, fampirantiana ny taratasy nosoratan'i Johanesa Rafiliposaona.

- Fampirantiana mandalo: Lohahevitra iray na in-droa isan-taona.

- Fampirantina ara-lohahevitra: Fandraisana lohahevitra avy ivelany (iray na in-droa isan-taona).

Findramana fampirantiana: manatona ny Tompon'andraikitry ny Mozea.

Findramana ampahany amin'ireo tahiry: manatona ny Tompon'andraikitry ny Mozea.

Atrik'asa ara-pedagojika sy fandaharam-potoana hihaonana hanaovana tetik'asa iombonana:

- mpianatra ao amin'ny ambaratonga voalohany : asa tanana (manao sary zavatr iray ao amin'ny Mozea)

- mpianatra ao amin'ny ambaratonga faharoa: manao fanadihadiana takela-pampirantiana iray, mamorona makety…

- mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony : mitondra mpiananatra any amin'ny ambaratonga voalohany na faharoa hamolavola tetik'asa ho an'ny Mozea na tetik'asa ho an'ny mpiara-monina.

- ho an'ny olona rehetra: lalao stratejika 14-18, lalao Malagasy fahagola (azo anaovana fifaninanana).

- Fifaninanana amina sehatra samy hafa sy fanomezana loka "Johanesa Rafiliposaona" isan-taona :

- fifaninanana artistika (ny 2 voalohany dia afaka hampiranty ny asany ao amin'ny Mozea).

- fifaninanana manao zaridaina (ny 2 voalohany dia hamolavola tetik'asa ho an'ny zaridainan'ny Mozea).

- fifaninanana hamoron-javatra na hanavao zavatra: mamorona tetik'asa fampadrosoana (ny voalohany dia handray anjara amin'ny hetsika Mozea eto an-toerana sy ny hetsika Mozea iraisam-pirenena)

Loka roa ambony indrindra avy amin'ny "Tranon'ny vehivavy Betsileo mpanao asa Tanana" no hatolotra ireo vehivavy (edisiona voalohany 2014) :

- **« loka talentam-behivavy »** ho fankasitrahana ny asa nataon'ny vehivavy mpanao asa tanana iray na maromaro.

- **« loka fankasitrahana »** ho fankasitrahana ireo vehivavy miasa manao asa ho an'ny tombon-tsoa iombonana.

Fikarakarana fivoriana sy fanentanana fiofanana ho an'ny rehetra : herinadro faha-2 sy faha-3 ny volana aogositra ary ny herinandro voalohan'ny volana aprily na ny volana desambra.

Hetsika voalohany, volana aogositra 2014

Noho ny fankalazana ny faha-zato taonan'ny Ady Lehibe sy ny fitokanana ny Mozea, ary iarahana amin'ny Alliance Française eto Fandriana, dia hisy « Fifaninanana Talentan'ny Tanora sy Atrik'asa ho an'ny Rehetra » hatao eo amin'ny Mozea ny faha-14 ka hatramin'ny faha-18 ny volana aogositra

<u>Ny faha-14 ny volana « Fifaninanana Talentan'ny Tanora</u> » (ireo mpandray anjara telo voalohany isan-tokony hahazo loka manokana ary hisy lokam-pandraisana anjara kosa hatolotra ny mpandray anjara rehetra)

Fifaninanana mikasika ny Mozean' ny Ady Lehibe sy ireo tahiry ao anatiny

1. Fifaninanana manao sary ho an'ny ankizy 5-6 taona : « ataovy sary ny Mozean'ny Ady Lehibe Roa, Mozea Johanesa Rafiliposaona ».
2. Fifaninanana manao sary ho an'ny ankizy 7-8 taona : « manaova sarin-javatra iray hitanao ao anatin'ny Mozea ».

Fifaninanana mikasika ireo Ady Lehibe Roa « ny miarmila Frantsay 1914-1918 sy ny tiraieran'ny taona 1939-1945 » :

3-4. Fifaninanana manao sary ho an'ny ankizy 9-11 taona : asa roa no isafidianana ary miainga amin'ny modely roa dia ireto avy :

° Safidy 1 : « manaova sary miaramila Frantsay »

° Safidy 2 :« ataovy ny sarin'ny tiraiera Malagasy Johanesa Rafiliposaona »

5-6. Fifaninanana mamaky teny ho an'ny ankizy 10-12 taona: asa roa no isafidianana.

° Safidy 1 : « famakiana taratasin'ny miaramila Frantsy » (amin'ny teny Frantsay)

° Choix 2 : « famakiana ny taratasin'ny tiraiera Johanesa Rafiliposaona (amin'ny teny Malagasy)

7- 8. Fifaninanana mamaky teny sy manoratra ho an'ny kilasy taona faha-6 sy faha-7 (6ème-5ème) : asa 2 no isafidianana.

° Safidy 1 : « mamaky taratasin'ny miaramila Frantsay ary manohy izany taratasy izany hatramin'ny 4 na 6 andalana » (teny Frantsay)

° Safidy 2 : « mamaky taratasin'i Johanesa Rafiliposaona ary manohy izany taratasy izany hatramin'ny 4 na 6 andalana » (teny Malagasy)

9- 10. Fifaninanana tsianjery : kilasy taona faha-8 sy faha-9 (4ème-3ème) : asa 2 no isafidianana.

° Safidy 1 : « manorata tononkalo ho an'ny miaramila Frantsay » (amin'ny teny Malagasy na amin'ny teny Frantsay)

° Safidy 2 : « manorata tononkalo ho an'ny tiraiera Johanesa Rafiliposaona (amin'ny teny Malagasy na amin'ny teny Frantsay)

11-12-13. Fifaninanana asa soratra ho an'ny mpianatry ny Lycée : asa 3 .no isafidianana

° Safidy 1 : « mamaly taratasin'ny miaramila Frantsay » (amin'ny teny Frantsay)

° Choix 2 : « mamaly ny taratasin'i Johanesa Rafiliposaona » (amin'ny teny Frantsay)

° Choix 3 : « mamaly ny tarratasin'i Johanesa Rafiliposaona » (amin'y teny Malagasy)

Fifaninanana famoronana mikasika ny lohahevitry ny Ady Lehibe (mpanatrika hatramin'ny 14 ka hatramin'ny 18 taona) :

14. Safidy iray amin'ny lafiny artistika na koltoraly (ara-hay kanto na ara-kolotsaina).

<u>Ny 18 aogositra « Atrik'asa ho any Rehetra</u> »

Atrik'asa Teny folo miainga avy ao amin'ny Mozean'ny Ady Lehibe Roa :

1- Atrik'asa « ny teny 10 ny fampiondranana ireo tiraiera Afrikana sy Malagasy nandritry ady Lehibe Roa ».

2- Atrik'asa « ny teny 10 ny fahatongana ao Normandie, ny 06 jiona 1944 ».
3- Atelier « ny teny 10 ny fahatongavana any Provence, ny 15 aogosittra 1944 ».

Atrik'asa Lalao Miaramila, lalao stratejika :

4- Atrik'asa Fanamboarana Elon'aina kely.
5- Atrik'asa Lalao Miaramila taona 1914-1918, Lalaon'ny fandresena.

Atrik'asa famantarana ireo medalin'ny Ady Lehibe Roa :

6- Atrik'asa famantarana ireo medalin'ny Ady Lehibe Voalohany.

7- Atrik'asa famantarana ireo medalin'ny Ady Lehibe Faharoa.

Atrik'asa famantarana ireo sary mikasika ny medaly 1914-1918 :

8- Atrik'asa famantarana ireo sary mikasika ny Ady Lehibe : ny ady, ny fatin'ny olona, ny fiainana tany anaty tatatra fiaroavana rehefa mifampitifitra, ny fiainana tany anty zohy fiafenana, ny tontolo ravan'ny ady, ireo miaramila Senegaly.....
9- Atrik'asa famantarana ireo sary mikasika ny toerana isan-karazany : Verdun, Les Eparges, Douaumont, La Chapelotte, Somme, Caurières, Argonne, La Caillette, Mont-Haut, Côte du Poivre, Froideterre, Fort de Vaux, Tavannes, Reischaker, Alsace, Champagne...

Atrik'asa famantarana ireo zavatra mampahafantatra ny Ady Lehibe Roa :

10- Atrik'asa famantarana fiaramanidina tahaka izay fampiasa tamin'ny taona 1914-1918, ny fiaramanidina Nieuport 17.
11- Atrik'asa famantarana takelaka mampiseho ny fahatongavana any Normandie.
12- Atrik'asa famantarana takelaka mampiseho ny ady tamin'ny taona 1939-1945.

Atrik'asa famantarana sary mikasika ny Ady Lehibe Roa :

13- Atrik'asa famantarana ireo sary mikasika ny Ady Lehibe : fiaramanidina Nieuport 17.
14- Atrik'asa famantarana ireo kisarisary mikasika ny Ady Lehibe: fiaramanidina MB120 Dassault, fiarakodia jeep.

Atrik'asa famantarana ireo boky sy kahie momba ny Mozea :

15- Atrik'asa famantarana boky 02 mikasika ny Fambaboan'i Frantsa an'i Madagasikara.
16- Atrik'asa famantarana kahie 10 izay an'ny mpianatra niaina nandritry ny Ady Lehibe.

Atrik'asa famantarana ny taratasin'i Johanesa Rafiliposaona :

17- Atrik'asa famantarana ireo taratasin'i Johanesa Rafiliposaona nandritry ny Ady Lehibe Faharoa.

Atrik'asa famantarana ireo « boaty miafina roan'ny Mozea sy ny famahana azy ireo dia ny 1935-2035 sy ny 1914-2114 »

18- Ny lalàna mifehy ny famoahana ny asa soratra rakitry ny Mozea, ho an'ny Taon-jato voalohan'ny Ady Lehibe Faharoa sy ny Taon-jato faharoan'ny Ady Lehibe.

Fampahafantarana an'i Johanesa Rafiliposaona, ny trano fonenany, ny tanimbariny ary ny Mozea.

Fampahafantarana ny tanon'ny vehivavy Betsileo mpanao asa tanana.

Johanesa Rafiliposaona
(1912-1948)

Mozea aprily 2014

Tranon'ny vehivavy Betsileo mpanao asa tanana
tanana août 2013

Tanimbarin'i Johanesa Rafiliposaona

Ny trano fonenan'i Johanesa Rafiliposaona